# TORITENY - ALAHADY faha-26 TSOTRA-TAONA D 2025



***Ry olon'Andriamanitra, katsaho ny fahamarinana,***

***ny fahazotoa-mivavaka, ny finoana, ny fitiavana,***

***ny faharetana, ny fahalemem-panahy***

Ry kristianina havana, nandinika manokana araky ny fampianaran'ny Eglizy ny mikasika ny harena isika tamin'ny Alahady lasa teo, tsy ny harena no ratsy ary anisan'ireo tsy maintsy katsahina izy. Ny tsara tsy maintsy tsipihina eto dia avy aiza io harena io? Fomba ahoana ny fampiasaina azy? Ary toe-panahy ahoana no entina mivelona satria raha ny harena no zary Andriamanitra dia tsy mifanaraka amin'ny fampianaran'ny Eglizy. Raha lainga sy fitapitaka ary risoriso no nanangonana harena dia tsy azo ekena. Raha entinao hanilikilihana ny hafa dia tsy azo eken'ny ny Eglizy ihany koa. Raha fintinina dia tsy maintsy atao mifanaraka amin'ny fampianaran'ny Eglizy sy sitrak'Andriamanitra ny fomba nahazoana ny harena, ny fomba hampiasana ny harena ary ny tanjona ho tratrarina amin'ny harena. Naverimberina tamintsika ary natao ho teny faneva sy filamatra ny hafatry ny Vaomiera Episkopaly misahana Justice et Paix: "*Harena ny harena raha mamokatra ary mamokatra ho an'ny besinimaro*".

***Vakiteny I :*** *Am. 6, 1a. 4-7*
***Salamo :*** *Sal. 145*
***Vakiteny II :*** *1 Tim. 6, 11-16*
***Evanjely :*** *Lk. 16, 19-31*

Amin'izao Alahady faha-26 mandavantaona izao dia mbola asain'ny Eglizy isika amin'ny alalan'ireo vakiteny handinika tsara fa miankina amin'ny fomba fijerintsika ny harena ihany koa ny hoavy. Teny filamatra ampiasaintsika momba izany ihany koa amin'izao isika miara-dalana amin'ny Sinaody faha-7 izao fa indrindra amin'izao fijanonana faha-3 izao izay mandinika bebe kokoa ny fiainan'ny fiaraha-monina, ny rafitra mitondra amin'ny fivelarana ny maha olona manontolo sy ny olon-drehetra : "*Anio ny hoavy fa tsy rahampitso*".

Arakaraky ny famolavolantsika sy ny fomba fikatsahana ary fampiasana ny harena no hanomanantsika ny hoavy. Izany no mahatonga ny Eglizy nametraka foto-pampianarana hoe : "*Ny soa atao levenam-bola*". Izany hoe ny harena entina hanasoavana dia zary mametraka sy manomana anao ny amin'ny hoavy ka ho tsara kokoa ny hoavinao raha ampitahaina amin'ny harena azonao anatin'ny lainga sy fitapitaka ary kolikoly izay anapotehana ny hafa. Ny fialonana sy ny avonavona no manjaka ka zary manangana efitra sy manilikilika ny hafa. Raha izany no hanaovanao ny harena dia iny ihany koa no miandry anao amin'ny hoavy. Raha ampiasainao hanasoavana sy hikatsahana ny soa iombonana ary anatin'ny fahamarinana tanteraka ny harena dia levenam-bola araky ny tenin-drazana sy ny foto-pampianarana androany izay handalinantsika ny finoantsika.

Ry Kristianina havana, tsy hoe ivelan'ny fiainana andavanandro ny finoantsika, tsy zavatra apetaka ety ivelany ny finoana fa tena ao anatin'ny fiainantsika, aoka hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro isika. Fantatsika fa ny harena no hozatry ny fiainana nefa aoka ho entintsika sy hiainantsika hanomanantsika ny hoavy ary izay no mandrakizay ka tsy maintsy tandrovintsika sy iainantsika dieny izao. Izany no maha-Eglizy Olona Velona antsika raha mipetraka tsara izany foto-pampianarana izany ka mamokatra tokoa io harena io sy mampivelatra ny olona rehetra. Izany ny antson'Andriamanitra ho antsika ka mahatonga antsika ho zanany. EOV isika miaina an'izany ka afaka manorina Eglizy Tranoben'Andriamanitra, hiitatra ny fanjakan'Andriamanitra, hivelatra ny tontolo iainantsika, ny tontolom-piainantsika sy ny tontolom-pinoana izay hahatonga antsika ho taranaka mpanorina. Fantaro fa ny harena fototra dia ny olona eo anivon'ny tontolo iainana misy azy. Raha voakajy tsara ny tontolo iainana sy tontolom-piainana misy azy dia afaka mamokatra tsara ny olona, sady harena no manankarena ka mahita fivelarana. Tsara ny mampahatsiahy an'izany miainga avy amin'ny vakiteny amin'izao alahady faha-26 izao ary indrindra ao anatin'izao volana hikajiana ny zava-boahary izao. Maharezà àry isika mikatroka fa aoka izay ny resabe hoy ny Papa....

Ireo vakiteny telo androany dia manampy antsika handinika ny finoantsika amin'izao fiatrehantsika ny Sinaody faha-7 izao izay tena efa akaiky. Ny faniriantsika dia ny hametraka torolalana pastoraly hahatonga antsika ho tena iraka tokoa. Vita batemy aho ka irahina eo anivon'izao tontolo izao. Raha tiantsika ny  mampiasa ny teny filamatra mahazatra dia ho Eglizy Olo Velomin'ny Batemy miara-miombona mandray an-tanana ka zary Tabernakla Velona. Marina tsy anisan'izao tontolo izao isika na dia miaina sy mivelona eo anivon'izao tontolo izao aza ka noho izany tsy araky ny hevitr'izao tontolo izao no entintsika mamolavola ny fiainantsika fa araky ny hevitr'Andriamanitra. Raha ny fahendren'Andriamanitra no entintsika miatrika ny fiainana dia zary fahazavana sy fanasina isika. Kristy mpiara-belona amin'olona tokoa isika, izany no maha-misionera antsika. Izany no tiana antintranterina amin'izao andron'ny Lahika izay mampisongadina ny asam-pamonjena tanterahin'ny lahika izao, izany hoe ny maha-fanasina sy maha-fahazavana ny vita batemy eo anivon'izao tontolo izao. Raha atao teny hafa dia ny fahaizana mampitraotra ny fiainana sy ny finoana.

Mananatra antsika amin'ny fampiasana ny harena i Amosy mpaminany amin'ny vakiteny voalohany. Aoka isika, hoy izy, tsy ho varimbariana amin'ny fiainantsika eto amin'ny tany fandalovana ity. Noho ny fitiavan-karena dia zary mifanikilika. Aoka hahay hanararaotra ity fiainantsika ity mba hijerentsika sahady ny hoavy. "*Mila loza ireo mandry fehizay ao Siôna, sy mitoetra matoky ao an-tendrombohitr'i Samaria. Mandriandry eo ambony farafara ivoara izy ireo; sy mivalàndotra eo amin'ny sofàny;*

*mihinana ny zanak'ondry avy amin'ny andian'ondry izy ireo, sy ny zanak'omby voafahy ao an-tranon'omby.*" Tsy miraharaha ny hafa izy ireo amin'izany. Aoka isika hahay hifampikarakara sy hifanasoa fa tsy hifanilikilika. Izany indrindra tanjon'izao Fijanonana faha 3 izao : "EOV HIFAMPITSIMBINA HIFANASOA HIKATSAKA NY SOA IOMBONANA..."

Misy lesona telo azontsika sintonina hanampy antsika ao amin'ny Evanjelin'i Jesoa mitantara ny fanoharana mikasika an'ilay mpanankarena sy Lazara.

Voalohany dia aoka ho fantatsika fa ny mpanankarena amin'ity fanoharana ity dia tsy mba nisy anarana fa "anonyme". Samy manankarena isika rehetra avy amin'ny talentantsika tsirairay avy. Indrisy ireo talenta nomen'Andriamanitra antsika dia matetika entintsika hanilikilihana ny hafa. Izany no nanjo an'ity mpanankarena, ka rehefa tapitra ny fiainany teto an-tany ka tonga ny fiainan-koavy dia tapi-dalan-kaleha izy ka tao anatin'ny fijaliana mandrakizay. Nitady ny fomba rehetra izy, nangata-bonjy fa tsy tafavoaka intsony. Ny fahendren-drazana milaza hoe ny nenina tsy mba aloha hananatra fa aoriana handatsa.

Raha ny fiainana no voalatsa dia tsy azo raisina intsony. Izany no anatra tian'i Jesoa ambara eto. Aoka ny harentsika tsy hanapotehantsika ny hafa, tsy amin'ny fangalarana no fomba hahazoana azy fa anaty fahamarinana, aoka ho fanasoavana ny hafa. Isika rehetra io mpanankarena io ka raha sanatria tsy mahay mampiasa ny harentsika isika dia ho loza no hiafarantsika.

Tsara izany raha manararaotra ity fiainana ity "handray ny Tenin'Andriamanitra sy handalina ny finoana" isika. Azontsika honogno tsara ny antony anaovantsika sinaody fa indrindra izao fijanonana faha-3 izao.

Faharoa tsara ho fantatsika kosa fa misy anarana ilay mahantra eto dia i Lazara. Ny tian'I Jesoa hambara dia tsy atao "anonyme" ny asa fanasoavana fa entina hanasoavana ny hafa sy ny besinimaro, fikolokoloana olona amin'ny lafiny rehetra ny asa fanasoavana. Endrik'I Jesoa ireo olona anaovantsika soa ireo ary fantaro fa tsy ny sapile vitantsika, tsy ny kominio vitantsika, tsy ny hasivian'ny zoma voalohany vitantsika fa isika manao asa soa, mamelona fa tsy sanatria mamono. Tsy hoe tsy ilaina ireo fa aoka ireo no angovo hitarika ny asa ataontsika rehetra entina hanasoavana sy hitsimbinana ny hafa... Mamelona isika raha manasoa ny hafa na ara-tsaina na ara-panahy na ara-batana. Mampiseho ny amaha-olona feno endrik'Andriamanitra izay manantanteraka asa soa.

Ny fahatelo dia miainga sy mifototra amin'ny fampianarana sôsialy aroson'ny Eglizy na "doctrine sociale de l'église" izany rehetra izany. Raha misy vanim-potoana ilaina fandalinana mikasika ny foto-pampianarana sôsialy atolotry ny Eglizy dia izao androntsika izao. Manasa antsika àry hazoto mandalina satria io no manampy antsika hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro. Hararaotintsika àry izao fotoana anaovantsika ny Sinaody izao handalinana bebe kokoa ny "fampianarana sôasialn'ny Eglizy"

Izany no tian'i Md Paoly ananarana antsika ao amin'ny vakiteny faharoa hoe : *" tahirizo tsy hanampentina na hisy tsiny ny didy, hatramin'ny fisehoan'i Jesoa Kristy Tompontsika,"*

Aoka isika hananararaotra izao fotoana izao hanaovana ny asa soa mba hanomanana ny fiainana mandrakizay. Ny fandalinam-pinoana no hahatsara izany. Mampirisika antsika ry Kristianina havana mba hahay hananararaotra izao vanim-potoana izao hirosoana amin'ny lalindalina ka hametraka ny fandalinam-pinoana ho zava-dehibe, amin'izay tsy ho finoana an-kandrina fa arahin'asa dia ny asa fanasoavana satria ny soa atao levenam-bola. *"Tehirizo tsy hanam-pentina ny didy hatramin'ny fisehoan'I Jesoa Tompontsika. Mpandidy tokana, Mpanjakan'ny mpanjaka, Tompon'ny tompo. Izy irery no manana ny tsy fahafatesana, mipetraka ao amin'ny fahazavana tsy hay hatonina, tsy misy olombelona nahita Azy, ary Azy ny voninahitra sy ny fanjakana mandrakizay. Amen."* Lazain'I Md Paoly fa tsy mora ny fivelomana an'izany isanandro fa tena ady : "*Miadia amin'ny ady tsara amin'ny finoana". Ady amin'ny fanaovana soa, io no hany ady tsara.* Izany no mahatonga antsika mamerimberina matetika fa "ady sady dia" ny fiainana. Ady amin'ny ratsy fa tsy amin'ny olona ary dia miroso amin'ny fiainana mitondra amin'ny fivelarana marina...

Izany no tian'ny fanoharana ambara raha milaza I Jesoa hoe manana ny Moizy sy mpaminany izy ireo ka aoka hihaino azy ireo izy, raha tsy hihaino izy dia tsy hino na dia misy mitsangana aza ny maty."

Azontsika lazaina fa eto ny tena foto-pampianarana. Tsy ny fahagagana araky ny fanontaniana mipetraka matetika henontsika hoe : "*Aiza ny fahagagana ?*" no tena zava-dehibe fa ny fahaizantsika mampiditra ny Tenin'Andriamanitra amin'ny fiainantsika. Eglizy ny eglizy raha mivavaka, izany hoe mihaino ny Tenin'Andriamanitra sy mandray ny Sakramenta. Manomboka amin'ny fianakaviana, Eglizy kely, izany ka ampirisihina isika hanana Baiboly. Eglizy ny Eglizy raha mandray an-tànana ny finoana, raha mirotsaka tokoa amin'ny fiainana andavanandro, amin'ny fanaovana ny asa fanasoavana, ny fikatsahana ny soa iombonana sy fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny.

Ry Jesoa Kristy zokinay ô, ambaranao aminay androany fa tsy tokony ho revo amin'ny rendrarendran'izao tontolo izao dia ireny harena tsy izy ireny izahay fa hametraka ny fo amam-panahinay ao Aminao, ilay hany harena sarobidy. Raha ianao no harena ao am-ponay ao dia harena hozarainay fa tsy hifikiranay ho anay samirery ka amin'izay dia mamolavola ny fiainan-ko avy miaraka Aminao izahay. Omeo anay ny fo mahay mangoraka, omeo anay ilay fahazavana hahafahanay mitarika ny hafa. Enga anie noho ny asanay kristianina zanakao mba tsy hisy ny fanilikilihina, na fanaratsiana ny hafa fa hiombona ao Aminao tanteraka izahay ka zary ho EOV manorina ETA, ho taranaka mpanorina, manorina ny Tranobe Iombonana. Ho tena mpizara fahasoavana eo amin'ny mpiara-belona aminay anie izahay ka haninteraka ao aminay ny teny fanevan'izao Sinaody faha-7 izao : EGLIZY OLO VELONA VELOMIN'NY BATEMY MIARA-DALANA MIOMBONA MANDRAY AN-TANANA ZARY MISIONERA TABERNAKLA VELONA… ary ny fijanonana faha-3 maneho izany eo anivon'ny fiaraha-monina : EOV MIFAMPITSIMBINA MIFANASOA MIKATSAKA NY SOA IOMBONANA…. Masina Maria Reny, tantano izahay ho any amin'i Jesoa ilay hany harena. Md Josefa Mpiaro ny Eglizy erantany, mivavahà mba ho fianakaviana Eglizy kely ny fianakavianay, miara-mivavaka, mandalina ny finoana ka vonona mandrakariva mifanasoa ary manasoa ny hafa, hiady amin'ny fiovaovan'ny toetrandro…. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson